KABARIN'NY FILOHAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA HO VALIN'NY FIARAHABANA NATAON'NY ANDRIM-PANJAKANA
(Iavoloha, faha-14 janoary 2000)

Andriamatoa Praiministra,
Andriamatoa Filohan'ny Antenimieram-pirenena,
Andriamatoa Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana,
Ianareo Zoky Ray aman-dReny mpitarika fivavahana izay manatrika etoana,
Ianareo Olo-manan-kaja ambony, na vavy na lahy,
Tompokovavy sy Tompokolahy,

Ny fitiavana hono toy ny baolina boribory atoraka amin'ny rindrina, na "**pelote basque**", na "**squash"**; Arakaraky ny fandefasanao azy mafy ny hiverenany mafy aty aminao.

Torak'izany koa ny firariantsoa natolotrareo anay amin'ny anaran'ny vahoaka sy ny fitondram-panjakana ary ny Antenimieram-pirenena malagasy teo.

Koa mamerina tsy misy raraka an-tany izany fiarahabana sy firariantsoa, fahasalamana ary fahombiazana izany ho anareo rehetra izahay satria ny valim-pitia hono dia fitia.

Mahaleova, mahalasàna, mahavità be ho an'ny Firenena, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Hoy koa ny fiten-drazana : « **Ny nifin'ondry no tsara tokana fa ny fiarahabana tsy mba tsara tokana** ».

Efa niarahaba tamin'ny alàlan'ny radio sy ny televiziona ny Malagasy tsy misy avakavaka izahay tamin'ny fandraisana ny taona, taonjato, taonarivo vaovao ary nanolotra ny firariana ny soa sy ny tsara ho an'ny rehetra.

Vakomanitra tsy tontan'ny ela ireny ka mendrika hokolokoloina sy ho lovan'ny taranaka sy fara aman-dimby.

Raha mifanatrika aminareo « **Vato nasondrotry ny tany, zavona nasondrotry ny rano, trafo nasondrotry ny nofo, olo-manan-kaja nasondrotry ny fahamendrehana eto amin'ny tany sy ny fanjakana** » anefa izahay, dia tsy hainay ny hamela ho tokana ny fiarahabàna tratry ny taona sy Asaramanitra.

Koa atao « **tsobo-nato, mamerina indroa fa tia hanana ny soa sy ny meva** »; « **Atao voahangy raraka, ka manasoa ny eo am-potony** ».

Koa arahabaina ary Tompokolahy, toloram-pirariana Tompokovavy, fa tratr'ilay toka-mahenina toy ny masoandro, dia izao taonjato sy taonarivo vaovao izao.

Faniriana nifanolorana hatrany, ny tonon-taona lehibe toy izao, ary raha nihaona teto isika tamin'ny taon-dasa dia nifampirary ho tafita soa ny taona 1999.

Tanteraka izany ankehitriny koa rariny sy hitsiny raha averimberina ny fifampiarahabàna.

Mandray taona vaovao, misantatra taonjato sy taonarivo vaovao isika izao.

Tsy azo hodian-tsy hita anefa fa nifono ankamantatra sy tebiteby ho an'ny olombelona maro ny fiandrasana ity taona 2000 ity.

Nampihorohoro olona maro ity fandraisana taonarivo vaovao ity satria nino izy ireo fa hifarana ny fiainana eto an-tany.

Eny fa raha notafihan'ny horohoron-tany sy karazana « cyclone » na rivo-mahery ny tany Eoropa sy ny tany Frantsa dia tsy vitsy ny olona nihevitra fa tonga ny fara andro.

Tafita soa isika ka hisaorana ilay tsy toha, mifehy, mihazona, mandahatra ary mandrindra ny zavatra rehetra.

Ho tahin-janahary lalandava anie ianareo, Tompokovavy sy Tompokolahy, ka sady hanana mandrakariva ny fahasalamana no omeny koa saina matsilo hahitana izay hevitra mendrika hampandrosoana ny Tanindrazana iombonantsika ity.

Fa raha mbý amin'ny firenentsika ny fandrosoana dia hiadam-pinaritra ny Malagasy rehetra.

Ary vao maika ho avo roa heny ny maha-sarobidy izao tonon-taona izao satria manomboka taonjato vaovao isika.

Kihon-dàlana lehibe, sakeli-dàlana an-kodimirana maro amin'ny fiainantsika izany ka tsara raha hanaovana dian-tàna : todihana ny lasa, dinihina sy fakafakaina ny ankehitriny mba hibanjinana sy hanomanana ny ho avy.

Iny taonjato faha-20 (roapolo) lasa iny no nandrodanana ny fanjanahana ny Firenentsika izay nentin'ny taonjato faha-19 (sivy ambin'ny folo). Zava-dehibe ho antsika sy ny Firenena andalam-pandrosoana maro izany ka mendrika ho singanina manokana.

Iny taonjato lasa iny ihany koa no nihitàran'ny hantsana mampisaraka ny firenen-dehibe efa mandroso sy ny firenena madinika na sahirana, ka manosika antsika hampitombo ny ezaka handrosoana, mba tsy hivarilavo amin'ny fahantrana.

Mitombo, mibahan-toerana hatrany eo amin'ny fiainam-pirenena noho izany ary ny asa fampandrosoana ny toekarena.

Raha miatrika izao taonjato vaovao izao isika, dia fanantenana lehibe no mipololoitra ao am-po sy ao an-tsaina.

Mino marimarina izahay fa tsy misy na iray aza amintsika mifanatri-tava eto izao, izay tsy manantena ny hisarahan'i Madagasikara amin'ny anarana mampietry sy manambany hoe « **Tany mahantra** », fa hidirany kosa ao amin'ny toerana be voninahitra sy maro mpaniry hoe « **Tany mandroso** ».

Ny firariana ambony indrindra ho an'ny Firenentsika izany, dia mba ho « **taonjato hitondra fampiroboroboana amin'ny lafiny rehetra anie ity taonjato faha-21 ity** ». Miankina indrindra amintsika rehetra anefa ny hahatanteraka na tsia izany faniriana izany.

Isika tsy afaka hanantena landy latsaka ho lamba vita, fa tsy maintsy **miasa, milofo, miezaka hatrany. Mitaky fivoarana ara-toe-tsaina, ara-panahy ary ara-pahazarana izany rehetra izany.**

Mila fivoarana ara-piaraha-monina sy ny sisa tsy tambo ho tanisaina etoana. Fa ny heverinay ho zava-dehibe indrindra dia ny **fivoarana ara-toe-tsaina, ny firaisan-kina sy fifanomezan-tànana,** fa izay misaratsaraka dia fasika ary izay mitambatra, vato.

Miady amin'ny fahavalo lehibe isika, dia ny « **fahantrana »** izany.

Ny fiaraha-mioitra, ny fiaraha-miezaka, ny fiaraha-miasa eo amin'ny lafiny ekonomika sy sosialy no hany làlana tokana hitondra antsika amin'ny fandrosoana tsy misy tomika « **fa ny ony no tondraka hono, ny tatatra manampy azy » !**

Eto angamba dia mila fanazavàna kely ny tianay ambara amin'ny hoe : **fiaraha-miasa ara-ekonomika sy sosialy** !

Ny antony dia satria tena mbola sarotra dia sarotra ny fiaraha-miasa tsy misy tomika ara-politika raha mbola alako bika tsy tiako tarehy ihany sy fanenjehana olona ary fijerena tsangan'olona fa tsy tsanga-kevitra no manjaka eto amin'ity Firenentsika ity.

Ry vahoaka Malagasy mpiray Tanindrazana malala !

Miala tsiny, miala fondro, miala salohy fito aho fa mba hindrana anareo ho vavolombelona, hitantarako fohifohy ny momba anay mivady, alohan'ny hanambarako aminareo ny hevi-baventy atolotray hampandro-soana haingana ity Firenentsika ity.

Tsy mba mahay mihatsaravelatsihy izahay. Tsy mba fanaonay ny manao fandrika na « **longoa mitoto bozaka** » fa ny « **loabary an-dasy** » ihany no mahazatra anay ary izany koa no mahasoa koa ny fiaraha-monina.

Iza tokoa moa no mba azoko itarainana amin'izao fiandohan'ny taona, taonjato sy taonarivo vaovao izao raha tsy ianareo vahoaka Malagasy fianakaviambenay ?

Ny voamasony ary no hopotsiriko !

"Remaniement, élection présidentielle anticipée, prolongation du mandat présidentiel" na fanamboarana ny Governemanta, fifidianana Prezidan'ny Repoblika tsy ara-potoana, fanalavàna ny fotoana iasan'ny Prezidan'ny Repoblika, na fialan-dRATSIRAKA, sns, sns…, izany no anaovana angoan-tenda.

Diso **fanantenana** ireo ankolafin'olona niandrandra an'izany anio fa tsy misy ny "remaniement", tsy misy ny fianlan-dRatsiraka, tsy misy ny "élection présidentielle anticipée".

Mazava ary ny resaka momba an'iny !

Kanefa ry vahoaka Malagasy havana, mba manontany tena ihany aho, na dia marina aza fa ny hazo avo alan-drivotra, hoe : inona ihany ary no azon-dRATSIRAKA atao, inona ihany no azon-dRatsiraka tenenina ?

Tsy mahazo miady amin'ny valala, tsy mahazo miady amin'ny kolera, tsy mahazo mivoaka any ivelany, tsy mahazo miteny, tsy mahazo mangina, tsy mahazo mivavaka; mandroso maty raibe, mihemotra maty renibe !

Fa mba jereo kely ange !

Raha maneho ny fisaorana Filoham-pirenena vahiny, izay nanao soa an'i Madagasikara izahay amin'ny anaran'ny vahoaka sy ny Fanjakana Malagasy ary amin'ny anaran'ny Tenanay manokana, dia tsy misy manan-kambara.

Fa raha misaotra an'Andriamanitra izahay, amin'ny anaran'ny tenanay manokana, amin'ny anaran'ny vahoaka Malagasy, amin'ny anaran'ny Fitondram-panjakana Malagasy, dia maneno sahona ny sasany.

Araka ny voalaza tetsy aloha, tsy vitsy ny Malagasy natahotra sy nitebiteby tamin'ny faran'ny taona iny. Raha tafita soa aman-tsara isika mianakavy nahatratra ny taona, taonjato taonarivo vaovao, ka mba misaotra ampahibemaso an'**Andriamanitra Andriananahary** noho izany Fahasoavana tsy manam-paharoa nomeny antsika izany aho amin'ny anaran'ny vahoaka Malagasy rehetra sy amin'ny anaran'ny Tenako manokana dia omen-tsiny ! ! !

E! **Fariseo i RATSIRAKA io!** Amiko aloha izany **"Pharisianisme"** izany dia tsy teny frantsay fa "**Pharisaïsme**" angamba no tian'ny mpanao gazety ho lazaina. Nahoana Ratsiraka no nitsangana fa tsy nipetraka toy ny mahazatra ? O re olona ô ! Hivavaka ve ianao dia hipetraka? Tena vokatry ny fony ve iny, « **sincère** » ve izy ?

Dia hoy aho hoe : Nahoana moa no tsy hivavaka, hidera ary hankalaza ny anaran'Andriamanitra aho ? Nahoana moa no tsy hivavaka, no tsy ho « **sincère** », no tsy vokatry ny fo ?

Efa nisy nifofo ny ainao matetika, efa nosikidin'ny sasany tsy ho tafita ny taona 2000 ve ianao, kanefa tafita ihany ary velon'aina soa aman-tsara, ka dia tsy hisaotra an'Andriamanitra ?

Raisiko ho vavolombelona ianareo vahoaka, hoy aho. Fantatrareo tsara fa isaky ny asaramanitra toy izao aho dia misaotra an'Andriamanitra mandrakariva.

Tadidinareo tsara teny Mahamasina? Na tamin'ny fankalazana an-dRASALAMA martiora, na tamin'ny fanasoavana an'i Victoire RASOAMANARIVO, dia hitanareo aho ary nanambara ho ren-tany, ren-danitra fa tsy hanao ary tsy hanatrika joro intsony.

Koa amin'ny fomba ahoana no ilazana fa tsy mpivavaka, tsy mpino an'Andriamanitra i RATSIRAKA ?

Aza hadino anefa fa tsy ireo manao Andriamanitra ô Andriamanitra ô isan'andro akory no hahazo ny Fanjakan'ny lanitra, fa izay manaraka sy manatanteraka ny Sitrapony MASINA.

Tsy vitan'izany ihany anefa fa aely matetika ny feo hoe, marary mafy i RATSIRAKA, hiala amin'ny Fitondrana.

Angamba diso fanantenana ny sasany, diso Firenena, diso Prezidà, diso Kontinanta mihitsy angamba satria tsy i BEDIE akory fa i BORIS ELTSINE no niala.

Fa ny tena hitako mahatsiravina dia ity : Tsy i RATSIRAKA ihany no atsangana ho fahavalo fa ny vadiko koa.

Na tany Washington, na tany Malaisie dia nisy Minisitra Malagasy notsapain'olona ambony alahelo (condoléances) fa nodimandry hono Ramatoa Céline RATSIRAKA .

Ozonin-ko faty ka ho ela velona ianao, Ramatoa!

Dia mipetraka ary ny fanontaniana hoe : inona loatra no tsy hitiavan'ireo olona sasany anay ? Mahavariana, mahatalanjona sy mahamenatra ! Satria ilaina ihany i RATSIRAKA rehefa sendra fahasahiranana ny Firenena.

Io RATSIRAKA lazaina fa mpanao Didy Jadona sy Fanjakan'olon-tokana io anie no nahitan'ny Malagasy izany atao hoe « **antennes paraboliques** » izany ê !

Io RATSIRAKA tsy tiana io anie anisan'ny vy nahitana an'izany **Oniversite** isaky ny Faritany, "**Lycée"** isaky ny Fivondronana, "**C.E.G"** sy "**dispensaire"** isaky ny Firaisana izany ê, ny **lemak'Antananarivo, ny "Canal des Pangalanes", ny "bibliothèque Nationale", sns…sns....**

Tamin'ny fitondran-dRATSIRAKA anie no nahavitan'ny làlana ara-dalàna Antananarivo –Toamasina, ny toha-dranon'ny Namorona sy Andekaleka. Natsatsoina erý i Andekaleka fa tsy ilaina hono ê! Kanefa raha tsy nisy an'Andekaleka, mbý taiza isika amin'izao fotoana izao ?

Efa manao "délestage" ny JIRAMA. Tsy maharaka intsony ny herim-baratra ho an'Antananarivo izao. Koa nanome baiko izahay mba hitondra mpamatsy vola vahiny hanampy antsika amin'ny « **centrale thermique** », hampihena ny fanaovana « délestages » satria tsy ampy intsony ny herin-jiro ilaina.

Raha tsy nisy ny CNLA, ny SONAVAM sy ny TTAM, dia efa potiky ny valala daholo ny vokatry ny tantsaha Malagasy. Vola an-davitrisany maro anie no tsy voaloan'ny Fanjakana amin'ny fiaramanidina sy helikopteran'ny zanak'i RATSIRAKA ê !

Raha tsy nisikim-ponitra ny mpiara-miasa amin-dRATSIRAKA dia efa an'arivony maro anie no ripaky ny kolera teto ê ! Natsangana ny « barrages », noterena haka « doxycycline » ny mpandeha rehetra mankany Toamasina, Antsirabe, Toliary, Fianarantsoa, Antsiranana, dia voasakana ny fiparitahan'ny kolera ; Tsy faly ny sasany.

Vola tsy toko tsy forohany no lany tamin'ny ady tamin'ny kolera; 8 lavitrisa mahery : "Doxycycline", "SRO, HTH, Dokotera…

Nofoanana ary ny « barrages ».

Io izao ny vokany ?

Manomboka mihanaka tonga any Morondava ny kolera.

Kanefa, misy ihany moa ny vaksiny ka ivavahana Andriamanitra mba tsy hamono olona betsaka eto amintsika io kolera io.

Ny nahavoa an' i Nosy-Be, Ambanja, Ambilobe anie dia satria niala ny barrage-n'ny Maromandia ny olona sasany ka nandeha lakana nankany avaratra.

Izany no mahatonga any miteny hoe, soa ihany fa nisy ireny "barrages" ireny, fa raha tsy izany dia efa betsaka, an'arivony, an'aliny no maty.

Rehefa niarin-doha indray ny toekarem-pirenena, satria mihoatra ny tanjona 4,5% ny fitombon'ny harim-pirenena dia ho avy indray ny mpanakorontana, ovàna ny lalam-panorenana izay notefen-dry zalahy ary notohanany tamin'ny « référendum ». Ataovy ny tetezamita, izay efa fanta-poko fanta-pirenena fa mitondra ny Firenena an-kady ka lasa teteza-mamitaka.

Noho ny fitondrana tetezamita teo ireny anie no mahatonga ny kafe fanondrana any ivelany, 50 000 ka hatramin'ny 60000 T isan-taona talohan'ny 1991, ka lasa latsaky ny 30 000 T nanomboka tamin'ny taona 1993 – 1994 e! Ny lavanila lafo 74 $ ny kilao, lasa 25 $ sisa ny kilao. Ny vary amin'izao, 2.300 Fmg na 2.400 Fmg ny kilao, 2.150Fmg na 2.200Fmg ny vary gasy.

Izany no nahatonga ny Fitondrana malagasy sy ny Antenimieram-pirenena nandany ny lalàna milaza hoe, asiana "taxe" na haba ny "riz importé" hiarovana ny tantsaha Malagasy.

Tany Toliara izahay tamin'ny taona lasa ohatr'izao dia 2.300 Fmg ny kilaon'ny vary. 2.200 Fmg izao ny vary gasy; 2.300– 2.400 Fmg ny vary avy any ivelany. Izany hoe, tsy nisondrotra firy.

Ka hoy izahay hoe, mba mangataka anareo, amin'izao fiandohan'ny taona vaovao izao, amin'izao fiandohan'ny taonjato vaovao izao, amin'izao fiandohan'ny taonarivo vaovao izao, mba tsy hanohana tsangn'olona fa hanohana tsangan-kevitra.

Ity fitondrana ity dia nampanantena anareo fa ho vita ny "centrale thermique". Hahita "électricité" daholo ny fivondronana rehetra eto Madagascar.

Ny "dispensaire" rehetra eto Madagascar dia asiana Dokotera.

Ny Fivondronana rehetra dia hisy fifandraisana an-telefaonina sy amin'ny làlana.

Dia manontany indray aho hoe, nahoana moa no natsatsoina ny fahatongavan'ny "SCANNER" tao amin'ny hôpitaly Soavinandriana (GIRARD et ROBIC), izay nohafaranay. Tsy ilaina hono izany, fa natao hitsaboana an'i Ramatoa RATSIRAKA fotsiny.

Kanefa ankehitriny dia miteny ho azy ny tarehi-marika : 6.200 (roanjato sy enina arivo) ny marary nojerena tamin'ny « SCANNER » hatramin'izay ka 2.000 (roa arivo) ny tamin'iny taona 1999 lasa teo iny ary marary 300 (telonjato) no voatsabo tamin'ny « LASER OPHTALMIQUE ».

Mba ohatrinona moa no fanampiana nomen'ireo mpankahala an-dRATSIRAKA ho enti-miady amin'ny valala sy ny kolera ?

Nefa any aoriana any rehefa ho avy ny fifidianana dia hahita vola hanofàna helikoptera, fiaramanidina sy 4x4 izy ireny fa rehefaa hamonjy ny mpiara-belona aminy dia tsy hita fa izay mba manao kely ohatra anay indray no henjehiny.

Nandany vola 850 millions Fmg ny tenako. Tsy midoka tena, tsy misora-tena ohatry ny voatango, fa vola niala tamiko manokana io, nolaniako nitsabona ny marary voan'ny kolera.

Nefa, inona ny tsaho aely?

Ratsiraka no nitondra ny kolera teto…Vaksiny lany andro no entin-dRatsiraka teto…Manao « trafic d'organe » hono i RATSIRAKA.

O! ry zalahy e! Mba matahora an'Andriamanitra.

Andao isika hiara-hiasa, hanao soroko miara-milanja, tongotra miara-mamindra, tànana miara-mibata, saina miara-mandinika, ny fampandrosoana ity Firenena ity amin'ny lafiny ekonomika sy sosialy satria mety hanahirana ihany angamba ny fiarahana ara-politika tsy misy tomika satria lazaina hoe, miady tsy miady, ny kibay an-kelika ihany.

Kanefa raha ara-ekonomika sy sosialy dia heveriko fa azo atao tokoa ny miara-manasoa ity Firenena malalantsika ity.

Miala tsiny, miala fondro, miala salohy fito izahay, tompokovavy, sy Tompokolahy, satria iza moa no mba hitarainanay raha tsy ianareo vahoaka ?

Tsy mifandaka amin'izay nolazaiko tamin'ny 31 Desambra izao kabariko izao.

Satria efa nambarako fa mety ho fiatsarambelatsihy ihany ny hampitovy hevitra politika ny olon-drehetra.

Efa nandramana izany tamin'ny 2ème République FNDR (Mandatehezana Miaro ny Tolom-piavotana). Iny no niafarany.

Efa nandramanareo izany tamin'ny Herivelona, iny no niafarany nifanongana teo ianareo « motion de censure, motion empêchement »...

Ny « Gouvernement d'Union Nationale » dia ohatry ny fitaka. Ny "Gouvernement de coalition" no mety ho azo atao.

Izany no tsy mba anaovan-dry zareo any ivelany "Gouvernement d'Union nationale" fa « Gouvernement de coalition » no misy ka izay mitovitovy hevitra no miaraka.

Ny politika dia tsy azonao terena ho masaka toy ny voalobo-jaza ka hoe, hitovy hevitra aminao daholo ny olona rehetra. Fa kosa, raha toa ianao milaza hoe : Andao hanao làlana, andao hanao tetezana, andao hamboly vary, andao hampitombo ny vokatra, andao hanao hopitaly hitsaboana ny marary, ataoko fa tsy hisy handà an'izany satria fanasoavam-pirenena izany ary Malagasy daholo isika rehetra.

Raha misy tokoa moa ny fahombiazan'izany « Gouvernement d'Union Nationale » izany, nahoana no tsy misy any Etazonia, any Frantsa, any Grande Bretagne, any Allemagne, any Japon.

Koa miala tsiny, miala fondro, miala salohy fito aho raha tsy manainga anareo ka manao hoe : « Andao isika hiara-hanorina « Gouvernement d'Union Nationale », fa milaza fotsiny aho hoe : « Andao isika hiara-hiasa, hanasoa ny Tanindrazana iombonana, ara-tsosialy, ara-ekonomika, ara-koltoraly, ataoko fa vitantsika izany satria samy Malagasy isika. Mitovy daholo ny teny Malagasy na ny avy any avaratra, na ny avy any atsimo, na ny avy any andrefana, na ny avy any atsinanana. Mazava izany ary mitsiriritra an'izany ny tany Afrikana sy ny tany maro an-dalam-pandrosoana.

Vavolombelon'izany ny zava-boahary, ny zavatra natoraly, na ny avy any avaratra, na ny avy any atsimo, na ny avy any andrefana, na ny avy any atsinanana : Ny rano dia rano ihany, ny tany dia tany ihany, ny lanitra dia lanitra ihany, ny loha dia loha ihany, ny maso dia maso ihany, ny volana dia volana ihany, ny masoandro dia masoandro ihany, ny kintana dia kintana ihany,ny ala dia ala ihany. Iray ihany isika Malagasy koa andeha hiara-hiasa hanasoa ity Tanindrazana iombonana ity. Ajanony ny fifanasàna vangy.

Azo tsapain-tànana ny fampandrosoana amin'ny lafiny ekonomika sy sosialy.

Efa nolazaina teo ny momba ny « barrages », ny momba ny « dispensaires ». Tsy hiverenako iny.

Amin'izao fotoana izao dia azoko lazaina fa tsara alain-tahaka ny zava-nisy teny amin'ireny « barrages »-n'ny kolera ireny. Talanjona aho. Velom-piderana aho.

Tamin'ny ady amin'ny kolera, raha natsangana ny « barrages » tany Ambatolampy, Moramanga, Maevatanana, Maromandia, dia niara-nioitra, tsy nisy noterena fa an-tsitrapo, tsy nisy karama, ny dokotera sy mpitsabo na « public» (mpiasam-panjakana) na « privé » (tsy miankina amin'ny Fanjakana), na sivily na miaramila, nitsabo ny marary, na andro na alina.

Variana aho, gaga aho ary nanao hoe : hahavita zavatra ihany ny Malagasy raha ohatr'izany daholo.

Ary, satria tsy manam-bola ny fanjakana, tsy afaka manome vola ankoatry ny « budget » efa natokana ho amin'izany, dia nampitondraiko vola ny Ministra sy ny talen'ny Kabinetrany ho an'ireo Mpitsabo rehetra izay nahafoy tena hitsabo an'ireny zanaka Malagasy an'alina, an-tapitrisa mandalo amin'ireny « barrage » ireny .

Izany no nahatonga ahy nahafoy 850 millions ho azy ireny ary izaho dia mihevitra fa tsy ampy ny karaman'ireny mpitsabo ireny nefa mafy anie ny asan'izy ireny, nisy voan'ny kolera anie izy ireny. Izany indrindra no nahatonga anay nanome vaksiny maimaimpoana azy ireny.

Koa hoy aho hoe : raha toy ireny no ataontsika dia ho tafavoaka isika malagasy.

Ry vahoaka Malagasy, Tompokovavy sy Tompokolahy,

Mba fantatrareo ve fa efa ho 30 taona aho izao no tsy mba nanao izany « réveillon » izany ! 45 taona tsy nisotroana toaka ! Folo taona lasa izay, tamin'ny mariazin'ny zanako vavy no mba nandihizako farany.

Tamin'ny **31 Desambra 1999** teo, **andro iray toa zato**, **toa arivo** iny aza dia tsy mba nanao « réveillon » izany aho, fa nihari-tory niaro anareo vahoaka havana. Manontany isan'ora : manahoana ny fizotry ny lanonana, « réveillon », afomanga isam-paritra, milamina ve ny fandehan-javatra, tsy misy herisetra ? Niantso ny Praiminisitra hijery ny « Comité Informatique » momba ny « **Bogue (BUG) de l'an 2000** ». Niantso an-telefonina any ampita, manontany hoe tsy misy olana ve ny tany Japon, Australie, Nouvelle Zelande ? Tsy nisy ny « Bogue de l'an 2000» … izay vao nandeha natory ! ! !

Izany no « réveillon »-nay mivady

Ohatra faharoa : **Momba ny fiaraha-miasa**

Namory ny mpandraharaha malagasy izay tratra antso aho teto Iavoloha, indroa miantoana tamin'ny Desambra 1999 iny.

Nanainga azy ireo hiara-hiasa, hiara-mitràka ka hanangana **Bankin'ny Firaisan-kinam-pirenena** (Banky tsy miankina amin'ny Fanjakana izany). Tsy nisy fanavakavahana ara-poko, ara-pihaviana, na ara-pivavahana. Fa nizotra tsara ny ady hevitra. Dia tapaka fa hatsangana izany **Banky Malagasy** izany ka mahafaly ahy ny milaza aminareo fa efa 10 lavitrisa (10 Milliards Fmg) izao ny petra-bola voangona tao anatin'ny telo herinandro.

Voaresaka tao koa ny « Crédit Mutuel régional» izay karazana Foibe isam-paritany sy Fivondronana ary Firaisana. Ny « Centre International de Crédit Mutuel (C.I.C.M) » dia efa nanome toky fa hanampy antsika ka hanome 5 Milliards Fmg antsika ho enti-manangana izany « Crédit Mutuel » izany. Koa isika hanateran-tsira indray ve no tsy hahay hahandro? Andao isika hiara-hihoitra hanao koa "crédit mutuel".

Raha niresaka momba ny "trois fonds" aho dia natsatsoin'ny sasany. Aza tsatsoina loatra satria ahavitàna zavatra betsaka io raha ohatra ka vonona isika.

Hevero fotsiny fa bota iray na "coca cola" iray na labiera iray miampy sigara iray "paquet" isam-bolana no angatahina amin'ny malagasy iray dia vola 1.120 milliards Fmg eo ho eo no azontsika amin'izany isan-taona, hitsimbinana ny mahantra sy ny kamboty, hampandrosoana ny Firenena.

Raha mahafoy 5.000 Fmg fotsiny isam-bolana sy isan'omby ny tompon'omby dia mahatratra 420 milliards Fmg isan-taona no azo.

Koa, hoy aho hoe : aza atsatsoina ny "Trois fonds" fa diniho tsara ihany. Aza izaho manolotra azy no jerena fa ny fo sy ny saina manolotra azy satria fitiavana ny Malagasy izany, fitiavana ny Tanindrazana izany.

Momba ny tontolo iainana

Hajao ny tany, ny rano, ny ala sy ny tontolo iainana. Io no mahatonga antsika ho salama na marary.

Mahatsiravina ny doro-tanety. Manempotra. Potehintsika ny zavaboahary izay tsiriritin'izao Tontolo izao. Manana ny maha-izy azy ny zavaboahary malagasy.

Misy tolokevitra harosonay momba ny fiarovana io tontolo iainana sy ny zavaboahary io. Raha mahatsiaro tena isika rehetra dia ho lasa lavitra ity firenena ity.

Momba ny programa "IDEES 21" indray,

"Intégration du développement de l'éducation, de l'environnement et de la santé dans ce 21ème siècle » na Fampirindràna ny fampandrosoana ny fampianarana, ny tontolo iainana sy ny fahasalamana amin'izao taonjato faha-21 izao.

Efa hitanay ny « financement » hanombohana ny asa ka « villages école pilote » folo (10) no aorina.

Raha izany no hataontsika isaky ny Fivondronana dia ataoko fa handroso haingana i Madagasikara ary afaka hiaro ny tontolo iainana isika.

Sahala amin'ny nato tany Jafaro dia hisy sekoly, « dispensaire », rano, jiro, toerana fambolena sy fiompiana, fianarana asa : fanaovana trano, « chantier école », fambolena, fitarian-drano, fiompiana, fampiasana herin'ny masoandro na rivotra na rano ahazoana électricité ets…ets…)

Hanomboka tsy ho ela ny asa raha sitrapon'Andriamanitra.

Miara-miasa amin'ny « ingénieurs » sy teknisiana malagasy sy vahiny izahay amin'izany ary miara-miasa koa amin'ny Frère katolika Michel Hubert (TEFISAINA) izay niara-niasa tamin'ny mompera De Laulanié taloha, "agronome" malaza. Dia ho hitanareo eo ny vokany.

Nanafatra mpiara-miasa vahiny koa izahay hiaraka aminay hanao izany ary hisy ny "village solaire" isaky ny Fivondronana. Mahabe fanantenana izany.

Hitsinjovana indrindra ny tanora, ny fampitomboana ny vokatra, ny fiarovana ny tontolo iainana sy ho fanamafisana ny fifanomezan-tànana na « solidarité » no **tarigetranay** amin'izany.

Momba ny tanora ihany

Dia nifampiraharaha tamin'ny orinasa vahiny iray aho mba hanangana Akademia na "Ecole nationale de Foot-ball" mba hanarenana ny baolina kitra malagasy ho tafita ohatry ny "savate".

Eto koa dia tsy misy fanavakavahana ara-politika, finoana sy foko.

Raha nanangana ny Orinasa **afaka haba** (Zone Franche) izahay tamin'ny 1989 dia betsaka ny nanatsatso. Kanefa ankehitriny dia miroborobo fatratra izy io ary mampiasa olona betsaka.

Araka ny nambaranay tetsy aloha dia efa tsy ampy intsony ny herim-baratra eto amintsika.

Koa ezahina ny fanaovana ny toho-drano riana faharoa, 58 Megawatts, ao Andekaleka, ny fanaovana ny toho-dranon'Ivolobe Toamasina, ny fanaovana ny toho-dranon'Ambodiroka Mahajanga.

Mandra-pahavitan'izany dia nifanaraka amin'ny kompania vahiny iray izahay (JIRAMA) mba ametrahana haingana dia haingana ny "centrale thermique 15 Mégawatts na 15.000 Kilowatts" eto Antananarivo.

Momba ny olana eo amin'ny fitaterana eto an-drenivohitra

Misy gazety milaza hoe: "mitodika any IAVOLOHA ny olona renhetra". Fa inona moa no hidiran-dRatsiraka amin'olana momba ny fitaterana eto Antananarivo?

Kanefa i Ratsiraka dia lazaina fa manao fanjakan'olon-tokana, miditra amin'ny zavatra tsy tokony hidirany. Nefa dia takiana indray ny ala-olana avy aminy.

Tolokevitra angamba no atolotro. Andriamatoa Ben'ny Tanàna, raha sitrakao. Misy tolokevitra anankiray, tsy fantatro raha azo atao na tsia, na dia tsy andraikitry ny "Président" aza izany.

Ny olana mety hitranga dia ity : raha tokony ho 600 F ny saran-dalana tsy mamono antoka ny tompon'ny aotobisy, kanefa manahirana ny mahita vola 100F (famerim-bola) dia aoka tsy hakarina avy hatrany ho 1.000 F (roanjato).

Tsy azo heverina ve izao manaraka izao :

Manatonta "billets" na "tickets" folo isaky ny paquet, izany hoe : 6.000 fmg izany; Mividy paquet iray ny olona na fianakaviana iray dia 600F no aloany izany isaky ny "voyage" (mandeha). Raha tsy izany fa "ticket" na "billet" iray no aloany dia : na mandoa 1.000 F izy na mitady vola madinika mameno ny 500 F ariary zato ho 600 F. Ka samy manana ny lokony (couleur) sy nomeraony ny zotra na aotobisy tsirairay. Tolokevitra ihany izany fa mety misy hevitra hafa koa.

Ny ala olana hafa mifameno amin'izany dia ny fanorenana "cantine scolaire" sy "cantine" ho an'ny mpiasa na mpiasam-panjakana mba ho indroa fa tsy in'efatra isan'andro ny olona iray no handoa saran-dàlana.

Ataoko fa azo atao izany mba hanasoavana ny malagasy sy hanatsaràna ny tontolo iainana ary mba hahakely ny fifamoivoizana.

Tolokevitra ihany izany fa am-bava homana, am-po mieritreritra.

Efa miresaka fahasalamana ihany isika dia misy vaksiny 25.000 nomen'ny Prince AGA KHAN.

Koa mihevitra izahay ny hizara an'izany maimaimpoana any amin'ny faritra ahiana fa hisy kolera be sy any amin'ny renivohi-paritany izay mbola tsy misy kolera amin'izao fotoana izao. Satria fanomezana avy amin'ny sasany dia sarotra ny hivarotra azy ka aleo mba ataontsika fanomezana koa ary anjarantsika eto amin'ny faritany enina ny mitantana ny fizaràna izany.

Ary farany, fa tsy latsa-danja amin'ny zavatra karakaraina amin'ity taona ity, dia ezahina ny hametraka ny Faritany mizaka tena na "Provinces Autonomes" amin'ny faran'ity taona ity. Koa hiroso amin'ny fifidianana izany isika alohan'ny faran'ny taona.

Firaisan-kina, fiaraha-miasa, fifanomezan-tànana eo amin'ny fampandrosoana ny Firenena no iantsoako anareo vahoaka Malagasy tsy vaky volo. Sarotra ny làlana ombàna kanefa, tsy misy mangidy ohatry ny sakay, rehefa teny ierana lany ihany.

Mety tsy hitovy firehana politika amintsika daholo angamba ireo vahiny miasa eto, nefa hiara-miasa amintsika na ny "Vietnamiens" ho avy hanampy antsika amin'ny fambolem-bary, na ireo "coopérant", na ireo mpamatsy vola. Miara-miasa amintsika ihany izy hampiroborobo ny toe-karentsika.

Koa isika malagasy indray ve no tsy hahay hiray hina, hifanome tànana, hampandroso, hampiadana ny vahoaka malagasy sy ny firenena malagasy malalantsika ity.

Andeha isika hiara-hiasa, andeha isika hifanome tànana, andeha isika hiara-hitràka.

Ho ela velona anie i MADAGASIKARA MITRAKA !